

PERIKOPA ALAHADY 27 Septambra 2026
(Péricope du Dimanche 27 Septembre 2026)

Salamo / Psaume 25
Ezekiela / Ezéchiel 18 : 25 - 28
Filipiana / Philippiens 2 : 1 - 11
Matio / Matthieu 21 : 28 – 32

« Noho izany no nanandratan'Andriamanitra Azy ho ambony indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra na ny etỳ an-tany na ny any ambanin'ny tany, sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray. »

Filipiana 2.9-11

«C'est pourquoi Dieu l'a placé très haut et il lui a donné le nom qui est au-dessus de tous les autres noms. Alors tous ceux qui sont dans le ciel, sur la terre et chez les morts tomberont à genoux quand ils entendront le nom de Jésus. Et tous reconnaîtront ceci : Jésus-Christ est le Seigneur, pour la gloire de Dieu le Père. »

Philippiens 2.9-11

SALAMO 25 (MRV)

Ampahafantaro ny lalanao aho - *Nataon'i Davida.*

- 1 Aminao, TOMPO ô, no anandratako ny fanahiko.
- 2 Andriamanitra ô, lanao no itokiako, aoka tsy hitsanga-menatra aho ! Aoka tsy hibitahan'ny fahavaloko aho !
- 3 Eny, tsy hisy hitsanga-menatra izay rehetra manantena Anao, fa izay mivadika foana no ho menatra.
- 4 Ampahafantaro ny lalanao aho, TOMPO ô, ampianaro ny sitrakao aho.
- 5 Tariho amin'ny fahamarinanao aho ka ampianaro, fa lanao no Andriamanitra ny famonjena ahy; lanao no andrasako mandritra ny andro.
- 6 Tsarovy ny antranao sy ny indrafonao, TOMPO ô, fa efa hatrizay hatrizay ireny.
- 7 Aza ny fahotan'ny fahatanorako na ny ratsy nataoko no tsarovanao, fa aoka ho araka ny famindramponao no hahatsiarovanao ahy, noho ny fahasoavanao, TOMPO ô !
- 8 Tsara sy mahitsy NY TOMPO, koa izany no anoroany lalana ny mpanota.
- 9 Mampandeha ny mpandefitra amin'ny fahamarinana Izy ary mampianatra ny mpandefitra ny lalany.
- 10 Ny lalan'NY TOMPO rehetra dia famindrampo sy fahamarinana ho an'izay mitandrana ny faneken'ny sy ny teny vavolombelony.
- 11 Noho ny anaranao, TOMPO ô dia mamelà ny heloko fa lehibe izany.
- 12 Iza no lehilahy matahotra NY TOMPO ? Izy no hampianariny izay lalana tokony hofidiny.
- 13 Hitoetra amin'ny soa izy ary handova ny tany ny taranany.
- 14 Ny fisainana miafin'NY TOMPO dia asehony amin'izay matahotra Azy ary ny faneken'ny no hampahafantariny azy.
- 15 Mijery NY TOMPO mandrakariva ny masoko fa Izy no nanafaka ny tongotro tamin'ny fandrika harato.
- 16 Todiho aho ka amindrao fo fa irery aho ka ory.
- 17 Mitombo ny fahorian'ny foko; afaho amin'ny fahatereko aho.
- 18 Jereo ny fahoriaiko sy ny mavesatra amiko ka mamelà ny fahotako rehetra !
- 19 Jereo ny fahavaloko fa marobe izy ary loza ny fankahalany ahy.
- 20 Arovy aho mba ho velona ka vonjeo aho ! Aoka tsy hitsanga-menatra aho fa mialoka Aminao.
- 21 Aoka ny tsy fananan-tsiny sy ny fahitsiana no hiaro ahy fa manantena Anao aho !
- 22 Andriamanitra ô,afaho amin'ny fahoriany rehetra ny Israely

PSAUME 25 (PDV)

Guide-moi et pardonne mes fautes, Seigneur ! - De David.

- 1 *Seigneur mon Dieu, je me tourne vers toi.*
- 2 *J'ai confiance en toi : ne me laisse pas couvert de honte ! Que mes ennemis ne se moquent pas de moi !*
- 3 *Pour ceux qui comptent sur toi, pas de honte, mais la honte est pour ceux qui te trahissent. Qu'ils restent les mains vides !*
- 4 *Seigneur, fais-moi connaître le chemin à suivre, apprend-moi à vivre comme tu veux.*
- 5 *Conduis-moi sur le chemin de ta vérité. Enseigne-moi, car tu es le Dieu qui me sauve, et je compte sur toi tous les jours.*

6 Seigneur, souviens-toi de ta tendresse et de ton amour, car ils existent depuis toujours.
 7 Seigneur, oublie les fautes de ma jeunesse et mes péchés, mais à cause de ton amour, Seigneur, souviens-toi de moi, toi qui es bon.
 8 Oui, le Seigneur est bon et juste, il montre aux pécheurs la route à suivre.
 9 Il guide les gens simples sur le chemin juste, il leur apprend à faire ce qu'il veut.
 10 Chaque enseignement du Seigneur montre son amour fidèle à ceux qui suivent les règles de son alliance.
 11 Seigneur, pour montrer ta gloire, pardonne ma faute qui est si grande.
 12 Si quelqu'un respecte le Seigneur, le Seigneur lui montre quel chemin choisir.
 13 Il vivra dans le bonheur, et ses enfants posséderont le pays.
 14 Le Seigneur confie ses secrets à ceux qui le respectent, il leur fait connaître son alliance.
 15 Mes yeux regardent toujours le Seigneur. Oui, il me sortira du piège où je suis.
 16 Tourne-toi vers moi, Seigneur, aie pitié de moi, je suis seul et malheureux.
 17 Mon cœur étouffe de plus en plus, délivre-moi de ma peur !
 18 Vois mon malheur et ma peine, enlève tous mes péchés.
 19 Regarde mes ennemis : ils sont très nombreux, et leur haine est violente.
 20 Protège-moi, délivre-moi ! Tu es mon abri, ne me laisse pas couvert de honte !
 21 Je compte sur toi, garde-moi sans faute et toujours fidèle.
 22 Ô Dieu, libère Israël de tout ce qui l'écrase !

EZEKIELA 18 : 25 - 28 (MRV)

25 Nefa hoy ianareo: Tsy marina ny lalan'ny Tompo. Mihainoa ange, ry taranak'Israely! Moa ny lalako va no tsy marina? Tsy ny lalanareo va no tsy marina ?
 26 Raha ny marina no miala amin'ny fahamarinany ary manao meloka ka maty amin'izany dia maty noho ny heloka nataony ihany izy.
 27 Ary raha ny ratsy fanahy no miala amin'ny faharatsiana nataony ka manao izay marina sy mahitsy dia hahavonjy ny ainy izy.
 28 Raha mahita ny fahadisoana rehetra izay nataony izy ka miala amin'izany dia ho velona tokoa izy fa tsy ho faty.

EZECHIEL 18 : 25 - 28 (PDV)

25 Pourtant vous dites : "La façon de faire du Seigneur n'est pas bonne !" Écoutez, vous, les Israélites, est-ce ma façon de faire qui n'est pas bonne ? Ce sont plutôt vos façons de faire qui sont mauvaises.
 26 Prenons un exemple : Voici une personne qui agissait bien, mais elle ne fait plus ce qui est juste. Elle fait le mal et elle meurt. Eh bien, elle meurt à cause du mal qu'elle a fait.
 27 Au contraire, une personne mauvaise se détourne du mal qu'elle commet, elle respecte les lois et fait ce qui est juste. Eh bien, elle sauvera sa vie.
 28 Si elle se rend compte de ses mauvaises actions, si elle s'en détourne, elle vivra, c'est sûr, elle ne mourra pas.

FILIPIANA 2 : 1 - 11 (MRV)

Ny fanetren-tenan'i Kristy sy ny fahalehibiazany

1 Koa raha misy fampirisihana ao amin'i Kristy, raha misy fampiononana avy amin'ny fitiavana, raha misy fiombonana ao amin'ny Fanahy, raha misy famindrampo sy fiantrana,
 2 dia tanteraho ny fifaliako, amin'ny firaisanareo saina, miray fitiavana, miray fo, miray hevitra;
 3 tsy manao na inona na inona amin'ny fifampikianiana na amin'ny fieboeboana foana; fa aoka kosa samy hihevitra ny namany ho mihoatra noho ny tenany amin'ny fanetren-tena.
 4 Aza samy mihevitra ny azy ihany fa aoka samy hihevitra ny an'ny namany koa.
 5 Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa :
 6 Na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza Izy dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra,
 7 fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy
 8 dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana teo amin'ny hazofijaliana.

9 Noho izany no nanandratan'Andriamanitra Azy ho ambony indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra,
10 mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra na ny etỳ antany na ny any ambanin'ny tany,
11 sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray.

PHILIPPIENS 2 : 1 - 11 (PDV)

Le Christ s'est fait serviteur

1 Le Christ vous rend plus forts. Son amour vous donne du courage et son Esprit vous unit. Vous êtes pleins de tendresse et de pitié les uns pour les autres. C'est vrai, n'est-ce pas ?

2 Eh bien, remplissez-moi de joie en vous mettant d'accord. Ayez un même amour, un même cœur, une même pensée.

3 Ne faites rien pour passer devant les autres ou pour que les autres vous admirent, cela ne vaut rien. Au contraire, soyez simples et pensez que les autres sont meilleurs que vous.

4 Ne cherchez pas votre intérêt à vous, mais cherchez l'intérêt des autres.

5 Entre vous, conduisez-vous comme des gens unis au Christ Jésus.

6 Lui, il est l'égal de Dieu, parce qu'il est Dieu depuis toujours. Pourtant, cette égalité, il n'a pas cherché à la garder à tout prix pour lui.

7 Mais tout ce qu'il avait, il l'a laissé. Il s'est fait serviteur, il est devenu comme les hommes, et tous voyaient que c'était bien un homme.

8 Il s'est fait plus petit encore : il a obéi jusqu'à la mort, et il est mort sur une croix !

9 C'est pourquoi Dieu l'a placé très haut et il lui a donné le nom qui est au-dessus de tous les autres noms.

10 Alors tous ceux qui sont dans le ciel, sur la terre et chez les morts tomberont à genoux quand ils entendront le nom de Jésus.

11 Et tous reconnaîtront ceci : Jésus-Christ est le Seigneur, pour la gloire de Dieu le Père.

MATIO 21 : 28 – 32 (MRV)

Fanoharana ny amin'ireo zanaka roa lahy

28 Fa ahoana kosa ny hevitrareo ? Nisy lehilahy iray nanana zanaka roa lahy; dia nankeo amin'ny lahimatea izy ka niteny hoe: Anaka, andeha miasa any amin'ny tanim-boaloboka anio.

29 Fa namaly izy hoe: Tsy handeha aho; nefa nony avy eo dia nanenina izy ka nandeha ihany.

30 Dia nankeo amin'ny faralahy izy ka niteny toy izany koa. Ary namaly azy kosa izy hoe: Handeha aho, tompoko; kanjo tsy nandeha izy.

31 Koa iza amin'izy mirahalany moa no nanao ny sitrapon'ny rainy ? Dia hoy ireo: Ny lahimatea. Dia hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa ny mpamory hetra sy ny vehivavy janga dia mialoha anareo ho any amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

32 Fa nankany aminareo tamin'ny lalan'ny fahamarinana i Jaona, nefa tsy nino azy ianareo; fa ny mpamory hetra sy ny vehivavy janga no nino azy; fa ianareo kosa, na dia efa nahita izany aza, dia mbola tsy nanenina avy eo mba hinoanareo azy.

MATTHIEU 21 : 28 – 32 (PDV)

L'histoire des deux fils

28 Jésus dit encore : « Qu'est-ce que vous pensez de cette histoire ? Un homme a deux fils. Il dit au premier : "Mon fils, va travailler aujourd'hui dans la vigne."

29 Le fils répond : "Je ne veux pas." Plus tard, il regrette sa réponse et il y va.

30 Le père dit la même chose au deuxième fils. Le fils répond : "Oui, père, j'y vais." Mais il n'y va pas.

31 Lequel des deux fils a fait la volonté du père ? » Les chefs religieux lui répondent : « C'est le premier. » Jésus leur dit : « Je vous le dis, c'est la vérité : les employés des impôts et les prostituées entrent avant vous dans le Royaume de Dieu.

32 En effet, Jean-Baptiste est venu à vous, en montrant le chemin juste, et vous ne lui avez pas fait confiance. Pourtant les employés des impôts et les prostituées lui ont fait confiance. Vous avez bien vu cela, mais ensuite, vous n'avez pas changé votre cœur pour faire confiance à Jean. »